

# Diarin'ny tetikasako

"Hitondra fiovana mihabo eo amin'ny fiainako sy ho an'ny tontolo manodidina ahy."

Outil développé par: youth first

# Diarin'ny tetikasako

## "Hitondra fiovana mihabo eo amin'ny fiainako sy ho an'ny tontolo manodidina ahy."

# Dingana

Teny fampidirana

VINA

I. TaLeFaLo

II. Fandraharahana

III. Ny fifandraisana sy ny hai-varotra

IV. Volan'ny orinasa

V. Drafitrasam-pihariana

# Teny fampidirana

Ity boky ity dia natao ho an'ny tanora:

• Liana sy manam-paniriana hirotsaka amin'ny tontolon'ny famoronana asa.

• Te hampitombo ny fahalalana sy ny traikefa ary ny fahaiza-manao ilaina amin'ny fananganana orinasa.

• Mba ho tari-dalana ho an'ny tanora tompon'ny boky amin'ny lalana diaviny makany amin'ny tanjona napetrany.

# Ho an'ny tompon'ny boky

ANAO ity boky ity.

Soraty, mariho, ary aza misalasala manisy sary sy izay rehetra mety hanampy anao. Rehefa vita ny fiofanana, hanomboka hanatanteraka ireo dingana rehetra hahatontosa ny tetikasanao ianao dia hanampy anao ireo zavatra rehetra voarakitrao ato anatin'ity boky ity. Ho lasa antoka sy tohana ho anao mandritra ny sedra rehetra ho diavinao eny amin'ny lalana makany amin'ny tanjona irianao.

# Ny mombamomba ny boky

Ity boky ity dia:

• Natao mba ho ampiasainao mandritra ny fiofananana hanamafisana ny fahalalana azonao

• Manome torolalana maromaro ahafahan'ny tanora mandranto ny fahalalana ilainy rehetra mba hananganany ny orinasany

• Ary indrindra koa, ho ampiasainao amin'ny maha-mpandraharaha anao.

***Noho izany, aza adino ny mitondra azy manaraka anao mandritra ny fiofanana. Fa indrindra, aza adino ny mampiasa sy mamaky azy rehefa misy votoanti-dresaka ilainao ho fantatra.***

# Inona ny atao hoe Fandraharahana?

Araky ny famaritan'ny ONG Youth First, ny fandraharahana dia voafaritra ho fahaiza-manao sy finiavana hanangana sy handrindra ary hitantana orinasa na dia eo aza ireo olana mety hitranga rehetra. Ny tombontsoa dia ny mba hahazoana tombony sy hiteraka asa ho an'ny hafa.

*Ny mpandraharaha dia olona mpitondra fanovana izay mamorona, manova, manatsara hevitra na vokatra iray izay efa misy ho tonga vokatra vaovao sy miavaka.*

Miisa 5 ny lohahevitra ho hitanao ato anatin'ny boky: *vina, ny fandraharana sy ny fampanarahan-dalana ny orinasa, ny fifandraisana sy ny hai-varotra, ny fitantantanana ny volan'ny orinasa ary ny drafitrasam-pihariana.*

## Hatraiza ny fahavononanao handalina ny momba izany?

Tsipiho amin'ny penina izay tsy izy.



Tena vonona | Tsy mbola vonona tsara | Tsy vonona | Tena tsy vonona | Tsy vonona mihitsy

# Manampy amin'ny fivoharana ny fananana vatana salama sy tomady tsara.

Andao aloha hijery manokana momba ny fahasalamanao.

## Tombana famakafakana momba ny tena manokana

> Manao ahoana no fahitanao ny fahasalaman'ny vatanao? *(Isa 0 hatramin'ny 5)*

0-2 : Ambany
2-3 : Antonony
3-5 : Ambony

> Inona no hataonao hanatsarana io tombana io?

- ☐ matory tsara
- ☐ misakafo ara-pahasalamana
- ☐ manao fanatanjahan-tena
- ☐ mihaona sy miresadresaka amin'ny namana
- ☐ hafa…

# Diarin'ny tetikasako

**Manomboka eto dia an-dalam-panovana ny tantaranao ianao.**
**Noho izany, ataovy an-tsakany sy an-davany izay andrasana aminao satria atao izany hahasoa anao.**

# Diarin'ny tetikasako

# Vina

# Tantara mitohy

## *andininy 1*

"Mihary no anarako. 27 taona aho ankehitriny. Izaho dia monina ao @distrikan', kaominina … Somary manara-drenirano raha ny fiainako satria mora kely amiko ny manaraka ny ataon'ny hafa. Olona tso-piaina aho ary tia mifanerasera amin'ny hafa. Manambady aho ary manan-janaka 3 ankehitriny ary mbola maniry ny hiteraka iray farany afaka 3 taona. Tamin'izaho 18 taona no niasa voalohany ary niovaova asa matetika aho satria tsy mba nanana faharetana tamin'ny asa iray na roa ka sady noenjehiko na asa amin'ny orinasa na asa an-tselika na ny asa fanjairana izay ataoko andavan'ando. Ny antony dia tsy fantratro izay zavatra tena tiako sy iriako hivoarana. Ankehitriny aho dia niova tanteraka ny fomba fiainako, ho ambarako aminao ny tsiambaratelo.

Tamin'ny taona 2019 aho dia voasafidy hisitraka fiofanana iray ho an'ny tanora. Vina, izay ny lohahevitra voalohany nianaranay. Tamin'izany no nahafantarako fa mila manana vina ny olona iray raha te hioitra ny fiainana ary mila mametraka tanjona ahatrarana izany. Sarotra anefa ny manatratra ny tanjona raha tsy misy ny paik'ady enti-manatratra izany.  Nanonofy teo aho ary nametraka fa afaka 5 taona aho, dia ho lasa mpanjaitra fanta-daza sy manana anton'asa tena mahavelona ny fianakaviako. Nametraka tanjona aho ahafahako manatratra izany, dia ny hananganako orinasa kely iray, mampiasa olona 5 farafahakeliny. Hitako mantsy fa betsaka ny tanora ohatra ahy sahirana amin'ny fitadiavana asa. Mba ho paik'ady hanatrarako izany tanjona izany anefa, dia voalohany, niezaka aho ny hanangom-bola ka nifanaraka izahay mivady fa ahena ny fandaniana sasany ao an-tokatrano. Ankoatra izany, nifanakalo traikefa tamin'olona mahafehy ny taranja fanjairana aho."

## Inona no tsikaritrao amin'ilay tantara? Inona ny lesona azo tsoahina?

| *Zavatra tsikaritra* | *Lesona azo tsoahina* |
| --- | --- |
| ........................................ | ........................................ |
| ........................................ | ........................................ |
| ........................................ | ........................................ |
| ........................................ | ........................................ |
| ........................................ | ........................................ |
| ........................................ | ........................................ |
| ........................................ | ........................................ |
| ........................................ | ........................................ |
| ........................................ | ........................................ |
| ........................................ | ........................................ |
| ........................................ | ........................................ |
| ........................................ | ........................................ |

## Lehilahy sa Vehivavy i Mihary?

> *Lehilahy i Mihary, tia manjaitra izy, tiany ny asa famoronana, tia karokaroka ihany koa izy. Izany no nahatonga azy hanangana ny orinasa "Zaitra"*

***Hafatra :*** *Tadidio fa tsy misy asa natao ho an'ny lahy na vehivavy. Azon'ny olona tsirairay tsara ny misafidy malalaka ny asa tiany hatao. Noho izany, fantaro ny zavatra sy asa tianao, tanteraho izany fa aza atao sakana ny fihevitry ny fiaraha-monina izay tena hevi-diso.*

# Fantariko ny tenako

## Inona ny VINA-ko?

> Iza moa aho?

> Handeha ho aiza?

> Ahoana no ahatratrarako ny VINA-ko?

> Inona avy ny tanjona tokony apetrako?

> Inona ny paikady ahatratrarana izany?

*Fenoy @alalan'ny famaliana ireo fanontaniana ireo ity tondro-lalana manaraka ity:

# Mba ahafahanao mamantatra bebe kokoa ny momba anao

Valio amin'ny alalan'ny "ENY" sy "TSIA" ireto fanontaniana manaraka ireto ary

| | Eny | Tsia |
|---|---|---|
| 1. Miasa ve aho? | ☐ | ☐ |
| 2. Mahavelona tsara ahy ve ny asako? | ☐ | ☐ |
| 3. Mahafa-po ahy ve ny asako? | ☐ | ☐ |
| 4. Manana VINA ve aho? | ☐ | ☐ |
| 5. Manana tanjona hanatratraràna izany ve aho? | ☐ | ☐ |
| 6. Efa nisy tratrako ve izany tanjona napetrany izany? | ☐ | ☐ |
| 7. Misy manakana ahy ve tsy ahatrarako ny VINA-ko? | ☐ | ☐ |
| 8. Manana paikady hihoarana ireo sakana ireo ve aho? | ☐ | ☐ |
| 9. Manana talenta na fahaiza-manao ve aho? | ☐ | ☐ |
| 10. Mety manampy ahy hanatanteraka ilay VINA ve izany? | ☐ | ☐ |
| 11. Ampy ve ny eto am-pelatananako hanatanterahako ny VINA-ko? | ☐ | ☐ |

# Fantariko ny tenako

## Olona tafita???

Soraty na ataovy sarisary ny hevitrao momba izany atao hoe TAFITA izany, tahaka ilay nataontsika nandritra ny fiofanana

# Vina – Tanjona – Paikady

Eto indray ianao dia handinika tsara ny momba ny fiainanao. Fenoy ity fafana manaraka ity ary apetrao foana ny fanontaniana hoe:

*> Manao ahoana ny fahitako ny fiainako ara- … ankehitriny? Afaka 5 taona?*

*> Inona avy ny fiovana bitika sy goavana tiako ho hita?*

*> Inona ny tanjoko?*

*> Inona avy ny paikady hahatrarana izany?*

*> Inona avy ireo olana mety hitranga?*

*> Ahoana no hatao handresena ireo?*

***Ndao ary!!!***

# Vina - Tanjona - Paikady

| NY FIAINAKO ARA- | PIANAKAVIANA | PIFANDRAISANA @HAFA | ARAK'ASA | TETIKASA | HAFA |
|---|---|---|---|---|---|
| *Ankehitriny* | | | | | |
| *Afaka 5 taona aho dia …* | | | | | |
| *Ny fiovana tiako ho hita dia …* | | | | | |
| *Ny tanjona apetrako ahatrarana izany dia* | | | | | |
| *Ny paik'ady apetrako ahatrarana izany* | | | | | |
| *Inona ny olana mety hitranga?* | | | | | |
| *Ahoana no tokony hataony handresena ireo olana ireo?* | | | | | |

# Diarin'ny tetikasako

## Dingana 1

# TaLeFaLo

# Tantara mitohy

## *andininy 2*

“Nandritra ny fiofanana dia novelabelarina sy nampiharina tao ihany koa ny hoe TaLeFaLo. Raha halavaina io teny io dia mizara efatra mazava tsara. Tanjaka, Lemy, soa Fananaraotra ary Loza. Teo no nahafantarako bebe kokoa ny tenako satria nahatsapa aho fa anisan’ny tanjako ny fahaizako miserasera amin’ny karazana olona maro, na ankizy, na tanora , na olon-dehibe. Na manam-pahaizana na tsia. Ankoatr’izay, mahatsiaro ihany koa aho fa mahay mitatam-bola ary farany, mahay manita-kevitra aho. Ny zavatra tsy ananako firy anefa dia ny faharetana, mora leo aho hany ka mitady tsy hahavita ny zavatra atao hatramin’ny farany indraindray. Raha ho an’ny orinasa, nomeko ny anarana hoe “zaitra”, dia mino aho fa maro no ho liana amin’ilay vokatra amidiko kanefa kosa maro be ireo mpifaninana amin’ilay vokatra, ary ny tena loza dia efa malaza be daholo ny vokatra amidiny ary Fanta-daza.“

## Manorata zavatra telo azonao lazaina momba ilay tantara.

................................................................................................................................................................
................................................................................................................................................................
................................................................................................................................................................
................................................................................................................................................................

................................................................................................................................................................
................................................................................................................................................................
................................................................................................................................................................
................................................................................................................................................................

................................................................................................................................................................
................................................................................................................................................................
................................................................................................................................................................
................................................................................................................................................................

## Ny atao hoe TaLeFalo

> ***Ny TaLeFaLo dia fanafohezana ny hoe Tanjaka, Lemy, soa Fananaraotra ary Loza.***

*Jereo ireto famaritana manaraka ireto:*

*Avy amin'ny tenako*

- ***TANJAKA:*** *Ireo tsara efa ananako hahatraràna ny VINA-ko*
- ***LESOKA:*** *Ireo tokony hampiako hahatraràna ny VINA-ko*


*Ivelany*

- ***FANARARAOTRA:*** *Tranga azoko trandrahana hahatraràna ny VINA-ko*
- ***LOZA:*** *Tranga izay hanakana ahy tsy hahatrarako ny VINA-ko*

# Fantariko ny tenako

## Fakafakao ary ny tenanao

Tanisao ao amin'ny fafana manaraka ity pejy ity ny tanjakao sy ny lesokao ary ny fananararaotra sy loza mety hisy.



## Andeha hanao tombana amin'ny zava-bita hatreto isika izao

Valio amin'ny alalan'ny "ENY" na "TSIA" ny fanontaniana ary asio fanamarihana raha misy

| | Eny | Tsia |
|---|---|---|
| *1. Voafaritra ve ny vinanao?* | ☐ | ☐ |
| *2. Manana tanjona ve ianao ahatrarana izany?* | ☐ | ☐ |
| *3. Manana paikady ve ianao ahatrarana ny tanjonao?* | ☐ | ☐ |
| *4. Fantatrao ve ny Tanjaka, leminao?* | ☐ | ☐ |
| *5. Fantatrao ve ny soa fanararaotra sy loza mety hiserana eo amin'ny tetikasanao?* | ☐ | ☐ |

## Ny Tetikasako

> *Misehatra amin'ny inona ny tetikasanao?*

☐ fanjairana

☐ fanaovana tao-trano

☐ fitsinjarana rano

***Hafatra:***

*• Mila mamakafaka ny tenanao ianao mba hahafantaranao ireo **TANJAKAo** tokony ho trandrahana ary ny **LESOKA** na **LEMY** misy eo aminao tokony harenina mba hahatraranao ny tanjonao.*

*• Diniho ihany koa ireo **FANARARAOTRA** sy ireo **LOZA** mba hahalavorary ny tetikasanao.*

# Diarin'ny tetikasako

**Arahabaina, nahavita ny dingana voalohany sahady ianao, tohizo hatrany ny dia ary mirary soa anao hahatratra ny vinanao!**

## Diarin'ny tetikasako

Dingana 2

# Fandraharahana

# Tantara mitohy

## *andininy 3*

“Talohan’ilay fiofanana narahiko aho dia nihevitra foana fa mpandraharaha daholo izay olona manodina vola, izany hoe mampiasa vola dia mahazo tombony rehefa avy eo.  Noho ny fahalalana azoko anefa dia nisafidy aho ny:

Hamokatra salaka natokana ho an’ny vehivavy tonga fadim-bolana rehetra.

Hanodina ny tapa-damba fako hanaovana bemiray na sesik’ondana mba tsy hisy akora very.“

## Famaritana maro samihafa

**Fandraharana:** *Ny fandraharahana dia voafaritra ho fahaiza-manao sy finiavana sy handrindra ary hitantana orinasa na dia eo aza ireo olana mety hitranga rehetra mba hahazoana tombony sy hiteraka asa ho an'ny hafa.*

**Mpandraharaha:** *Ny mpandraharaha dia olona mpitondra fanovana eo amin'ny tontolo manodidina azy. Izy dia mamorona, manova, manatsara hevitra na koa manatsara vokatra iray izay efa misy, ho tonga vokatra vaovao.*

**Mpibizina:** *Olona mampiasa vola ka mampitombo izany amin'ny alalan'ny famarotana zavatra efa vita.*

**Orinasa:** *Toerana iasan'ny mpandraharaha izay toerana hamokarana ny vokatra na tolotra omena ny mpanjifa. Marihina fa tsy voatery ho lehibe izany toerana izany.*


**Tombony:** *Ny tombony dia ireo vola azo ambonin' ny masonkarena rehefa mivarojavatra.*

**Vokatra:** *Ny vokatra dia ireo zavatra ara-materialy amidin'ny mpandraharaha.*

**Tolotra:** *Ny tolotra dia ireo serivisy atolotry ny orinasa ho an'ny mpanjifa.*

## Tadidinao ve ireto sary manaraka ireto?




Inona no azonao ambara momba ireo sary roa ireo? Inona no mampitovy ireo sary roa ireo? Inona ny mampiavaka ireo sary roa ireo?

### Mampitovy

### Mahasamihafa

# Ny Mpandraharaha

Alaivo ny "taratasy miraikitra" etsy ambany, ary apetrao anatin'ny fafana ireo heverinao fa toetra tsara tokony hananan'ny mpandraharaha. Raha mbola mahita hafa ianao dia soraty izany.

- ☐ *Mahay mandainga*
- ☐ *Manao kolikoly*
- ☐ *Mahay mitarika*
- ☐ *Manana faharetana*
- ☐ *Tia tena*
- ☐ *Mahafantatra ny fahamehana*
- ☐ *Mahay mihaino ny hafa*
- ☐ *Mahay mifanakalo hevitra amin'ny hafa*
- ☐ *Manana nofy*

## Mpandraharaha:

..........................................................................................................................................

..........................................................................................................................................

..........................................................................................................................................

..........................................................................................................................................

..........................................................................................................................................

..........................................................................................................................................

..........................................................................................................................................

..........................................................................................................................................

# Ny Mpandraharaha

## Inona ny tetikasa kasainao hatsangana?

*Ohatra: Ny tetikasako dia mamokatra salaka fanary, azo ampiasaina hatramin'ny 3 volana. Io vokatra io dia natokana ho an'ny vehivavy mandritra ny fadim-bolany sy ao aorian'ny fiterahany.*

## Tohizo ny fehezanteny

> *Ny tetikasako dia …*

................................................................................................................................................

................................................................................................................................................

................................................................................................................................................


................................................................................................................................................

> *Mpandraharaha aho satria ...*

| ***Mahay*** | ***Manana*** |
|---|---|
| ...................................... | ...................................... |
| ...................................... | ...................................... |
| ...................................... | ...................................... |
| ...................................... | ...................................... |
| ...................................... | ...................................... |
| ...................................... | ...................................... |
| ...................................... | ...................................... |
| ...................................... | ...................................... |

# Andeha ho fakafakaintsika ny momban'ny tetikasanao

Mba ahafahanao manao izany dia valio ireo fanontaniana eo @ilay hazo.



# Andeha ho fakafakaintsika ny momban'ny tetikasanao

## Olana sy Vahaolana

*Avereno soratrana eto daholo ireo voka-dratsy nosoratanao tamin'ny ravin'ilay hazo ary tadiavo ny vahaolana mety amaha izany*

### Olana 1

......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................

### Olana 2

......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................

### Olana 3

......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................

### Vahaolana 1

......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................

### Vahaolana 2

......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................

### Vahaolana 3

......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................
......................................................................

# Ireto avy no azo atao raha te hitondra vokatra na tolotra vaovao miavaka amin'ny efa misy

*Ataovy anaty boribory izay tena tena mety amin'ny tetikasanao?*

- ☐ *Famoronana*
- ☐ *Fanatsarana*
- ☐ *Fanovana*

## Inona no tena mety amin'ny tetikasanao?

***Famoronana:*** Fanodinana akora fototra iray ho lasa vokatra voavao tsy mbola nisy mihitsy.

*Ohatra: Manamboatra trano vita amin'ny fitateran-drano plastika.*

***Fanodinana:*** Fanodinana akora iray ho lasa vokatra hafa mihitsy.

*Ohatra: Avadika ho lasa fitoeranam-bonikazo ny «beton».*

***Fanatsarana:*** Famokarana vokatra efa misy amin'ny endriny vaovao miala amin'ny mahazatra.

*Ohatra: Omena karatra manamarina ny fahazotoany mividy ny vokatra na tolotra ny mpanjifa na asina paompy ny itaovana fitateran-drano mba ahamora ny fanasana tanana eo aminy.*

# Ahodino ho lasa vokatra miavaka eo amin'ny tsena ireto vokatra ireto.

*Ampiasao ny fafana eo ambany mba hanampy anao amin'izany.*





| AKORA FOTOTRA IAINGANA | BIDONS (FAKANA RANO) | LAMBA | SIMENITRA |
|---|---|---|---|
| ***Manorata ohatra tolotra vokatra miavaka azo avy amin'ny fanodinana: "bidon", lamba ary simenitra.*** | | | |
| ***Akora hafa ilaina ahafahana mamokatra azy?*** | | | |
| ***Tanisao ny dingana arahina mba hahazoana ny vokatra/ tolotra*** | | | |

# Miavaka ny tetikasako

## Tetikasa miavaka

*Valio ny fanontaniana:*

*> Inona ny vokatra na tolotra amidinao amin'ny tetikasanao?*

*> Miavaka ve sa efa misy manao toa an'io tetikasa io ny mpandraharaha eo amin'ny Tanana misy anao?*

*> Inona no hataonao mba hampiavaka azy amin'ny vokatra rehetra efa misy?*

## Valio ireto fanontaniana manaraka ireto

*1. Inona ny vokatra na tolotra amidinao?*

*2. Inona avy no ilainao mba hamokarana io tolotra na vokatra io?*

*3. Iza avy no mpamatsy ny orinasanao ?*

*4. Iza avy no hanjifa izany?*

*5. Aiza no hamarotanao an'io vokatra na tolotra io?*

*6. Ahoana no hamarotanao azy?*

*7. Iza avy ny orinasa mifaninana aminao?*

*8. Inona avy ny mampiavaka ny vokatra/tolotra amidinao mihoatra amin'ny an'ny mpifaninana aminao?*

*9. Manao ahoana ny fomba fijerinao ny orinasanao afaka erintaona?*

*10. Manao ahoana kosa afaka 5taona?*

# Fampanarahan-dalana ny orinasa

*Rehefa efa tena miroborobo ny orinasanao dia azonao atao tsara amin'izay ny mampiditra ny orinasanao ho ara-dalana amin'izay.*

## Araka ny hevitrao

Inona no mety lafi-tsara sy lafi-ratsin'ny fampanarahan-dalàna ny orinasa?

***Lafi-tsara***

.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................

***Lafi-ratsy***

.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................
.................................................................................

# Ireo karazana orinasa

*Ho fampitomboana ny fahalalanao, ity fafana manaraka ity dia mampahafantatra ny karazana orinasa. Maro izy ireo fa nosinganina manokana ireto hampahafantarina anao.*

| *Karazany* | *Mpikambana* | *Renivola iaingana (Ariary)* |
|---|---|---|
| ***Entreprise Individuelle (EI)*** <br> ***Orinasa an'olon-tokana*** | 1 (iray) | Tsy voafaritra |
| ***Entreprise Individuelle à Responsabilité Limitée (EIRL)*** | 1 (iray) | Tsy voafaritra |
| ***Société à Responsabilité Limitée (SARL)*** | 2 à 100 | 2 millions |
| ***Société Anonyme (SA)*** | 2 no mihoatra | un million |
| | | |

# Fampanarahan-dalana ny orinasa

*Raha manam-paniriana ny hanoratra ny orinasanao ho ara-dalana ianao amin'ny ho avy. Dia mila manantona ny* ***EDBM*** *na ny l'****Economic Development Board of Madagascar*** *izay ao Antaninarenina, Antananarivo.*

## Ireto avy ary ny dingana arahana

- Mangataka ny andinin'ny antontan-taratasy ilaina any amin'ny EDBM
- Mangataka ny taratasy ilaina fenoina
- Manamboatra ny antontan-taratasy na dosie
- Manatitra ny antontan-taratasy na dosie
- Mandeha ny dingana fanoratana anarana ataon'ny EDBM
- Manatitra ny saran'ny fanaovana ny dosie sy maka ny NIF na « Numéro d'Identification Fiscale » sy karatra na « Carte statistique »
- Omena anao ny « Numéro d'Identification Fiscale »
- Mitsangana amin'ny ara-dalana ny orinasanao

## Hanao tombana indray isika mialohan'ny hirosoana amin'ny dingana manaraka.

### 1. Inona avy ireo toetra tokony hananan'ny mpandraharaha?

........................................................................................................................................................................
........................................................................................................................................................................
........................................................................................................................................................................
........................................................................................................................................................................
........................................................................................................................................................................
........................................................................................................................................................................

### 2. Tanisao ireo fomba 3 ahafahana mitondra vokatra miavaka eo amin'ny tsena misy anao?

........................................................................................................................................................................
........................................................................................................................................................................
........................................................................................................................................................................
........................................................................................................................................................................
........................................................................................................................................................................
........................................................................................................................................................................
........................................................................................................................................................................
........................................................................................................................................................................

### 3. Diniho tsara hoe inona no ataonao mba ahafahan'ny vokatra vokarinao hiavaka rehefa eny an-tsena?

........................................................................................................................................................................
........................................................................................................................................................................
........................................................................................................................................................................
........................................................................................................................................................................
........................................................................................................................................................................
........................................................................................................................................................................

## Ireto ny fanapaha-kevitra noraisiko rehefa avy nandinika fomba atao hampiavaka ny vokatra na tolotra omeko ny mpajifa aho

# Diarin'ny tetikasako

**Tongasoa eto amin'ny dingana manaraka indray!**

**Eto amin'ity dingana fahatelo ity ianao dia handinika ny maha zava-dehibe ny fifandraisana amin'ny tontolon'ny fandraharahana ary hamaritra ireo paik'ady hivarotana ny hevitrao.**

## Diarin'ny tetikasako

Dingana 3

# Ny fifandraisana sy ny hai-varotra

# 5+1 ny fifandraisana


Eto amin'ity dingana fahatelo ity ianao dia handinika ny maha zava-dehibe ny fifandraisana amin'ny tontolon'ny fandraharahana ary hamaritra ireo paik'ady hivarotana ny hevitrao.

## Inona avy ireo 5+1 ny fifandraisana?

- *1.* ..........................................................................
- *2.* ..........................................................................
- *3.* ..........................................................................
- *4.* ..........................................................................
- *5.* ..........................................................................
- *6.* ..........................................................................

## Singa 5+1 ny fifandraisana

Fenoy ny sary



# Singa 5+1 ny fifandraisana

- Rehefa feno ireo singa 5+1 n'ny fifandraisana voalaza ao amin'ny pejy aloha ireo izay vao tena mahomby sy mazava tsara ny fifandraisana.
- Ny hafatra mazava dia hafatra fohy, mazava tsara, voafaritra farafahakeliny ny 5 amin'ireo singa mamaritra ny fifandraisana.
- Ny fifandraisana dia tsy voatery ho am-bava irery ihany, fa misy ihany koa ny fandefasana hafatra amin'ny alalan'ny sary, na horoanantsary, na feo fotsiny. Tadidio foana anefa fa mila voafaritra foana ny hodidina, ny hafatra, ny mpandefa, ny mpandray ny hafatra, ary ny domberina.

# Tranga

*> Ataovy anaty boribory ny tokony ho fihetsikao raha mitranga ireto seho manaraka ireto:*

*Tara lava ny olona miara-miasa aminao ao amin'ny orinasa*

- ☐ *Mifosa azy*
- ☐ *Mimenomenona aminy*
- ☐ *Miresaka aminy milamina*

# Fahaiza-miresaka

## Tranga

